MANODIDINA AN’ANTANANARIVO

# Misy efa tafakatra 1000 Ar ny saran-dalan’ireo taksibe

Misy efa tafakatra hatramin’ny 1000 Ar amin’izao fotoana ny saran-dalan’ireo taksibe miasa manodidina ny renivohitra. Toy izany ny zotra E. Ny saran-dalany, efa misy mahatratra hatrany amin’ny 1000 Ar, ny akaikikaiky kosa anefa dia latsak’izay arivo ariary izay. Ho an’ity zotra ity, eo anelanelan’ny 600 Ar ka hatramin’ny 1000 Ar izany, marina fa somary misy lavitra ihany ny lalana alehan’izy ireo, nefa na izany aza efa tsy ho takatry ny mpanjifa intsony ny 1000 Ar na 800 Ar saran-dalana izany. Tokony ho jeren’ny tompon’andraikitra akaiky ihany ny mahakasika an’izay fidangana saran-dalana izay. Marina fa miraikitra ny fifamoivoizana amin’izao fotoana eny amin’ny faritra Ankadimbahoaka sy By-pass eny, nefa tsy tokony hanararaotra izany ireo mpitatitra.




*Ireo saran-dalana amin’ny taksibe zotra E.*

**Niaina**

Tranga

# Nisy namaky fanintelony ny EPP Masombahiny Avaradrano



*Ny fahavakisan’ny EPP Masombahiny Ambohimalaza Miray.*

Trangana halatra sy tsy fandriampahalemana ao amin’ny EPP Masombahiny, kaominina Ambohimalaza distrikan’Antananarivo Avaradrano, nisy namaky fanintelony izany sekoly ambaratonga fototra izany. Araka ny vaovao voaray, ny alin'ny talata 21 martsa nifoha omaly alarobia, no nitrangan’ izany halatra tamina sekoly izany indray. Lasa tamin'izany ny boky izay entina mampita fahalalana amin'ireo ankizy, fanomezana avy tamin'ny Ministeran'ny fanabezam-pirenena tamin'ny voalohan’ny taona 2022. Marihina fa tsy vao sambany niseho tany an-toerana ity tranga ity, fa efa intelo nisesy amin'izao. Efa ampanaovana fanadihadiana sy famotorana ireo mety ho tompon’andraikitra ankehitriny ny mpitandro filaminana ao Ambohimalaza Miray.

**Stefa**

Fifaninanam-pirenena Savate Boxe Française

# Any Toliara no fotoana amin’ny 24-25-26 martsa 2023 izao

Hifampitoana any Toliara faritra Atsimo Andrefana amin’ny faha-24-25-26 martsa 2023 ho avy izao, ireo mpikatroka manodidina ny 1500 isa any ho any, hanatontosa ny fifaninanam-pirenena 2023 eo amin’ny taranja « Savate Boxe Française Malagasy », izay tontosain’ny FMBFS “Federation Malagasy de Boxe Française Savate”, tarihan’ny filohany, Nakolo Jean Aimé. Avy amin’ny ligim-paritry ny taranja «Savate Boxe Française Malagasy » miisa 9 amin’ ireo 12 misy, ireo mpikatroka ireo, fa nilaza ho tsy afaka handefa solontena ny ligim-paritra miisa 3. Fantatra, araka ny nambaran’ny filohan’ny FMBFS, fa ho fanomanana indrindra ny hiatrehan’ireo mpikatroka ady Malagasy handray anjara any amin’ ny « Championnat du monde de la jeunesse de savate boxe française », hatao any Slovénie amin’ ny faha-11 ka hatramin’ny faha-16 juin 2023 ho avy izao, sy ny “Championnats du monde de «combat» juniors et seniors 2023”, hatao any Varazdin any Croatie amin’ny 12 ka hatramin’ny 15 jolay 2023 ho avy izao ihany koa ary ny “Championnat d’Afrique 2023 de Savate Boxe Française » hatao any Yaoundé (Cameroun) amin’ny volana jolay 2023 ary farany ny «Jeux mondiaux de Savate Boxe Française » hatao any Arabie Saoudite amin’ny volana oktobra 2023, no hanatanerahana an’ity fifaninanana any Toliara ity.



*Mpitantana ny FMBFS ankehitriny.*

**Rainilita**


Marary ny sehatry ny lavanila

# Misy ny angon-tsonia hanafoanana ny CNV any Antalaha

Marary ny sehatry ny lavanila amin’izao fotoana any amin’ny faritra Sava, anisan’izany ny any Antalaha, izay renivohitry ny lavanila eran-tany. Sahirana avokoa noho izany, na tantsaha mpamboly, na mpanangom-bokatra, na mpanodina ny vokatra, n any mpanondrana, izany hoe ireo rehetra mivelona amin’ity seha-pihariana ity mihitsy any an-toerana. Noho izay atony izay, raikitra ny fanangonan-tsonia ataon'ny SOS Vanille, mitaky ny hanafoanana ny CNV: komity nasionaly misahana ny sehatry ny lavanila, sy ny hanajana ny fanalalahana ny sehatr’ity voly fanondrana ity. Ankoatra izany, miroso ny dinika sy fakana sonia any Antalaha ataon'ireo mpisehatra amin'ny lavanila. Tsy hijanona ao amin'ny Renivohitry ny lavanila izao hetsika izao, fa hiitatra amin'ny faritra izay misehatra amin'ity seha-pihariana vokatra fanondrana ity. Momba ity raharaha ity ny SOS Vanille any an-toerana dia manome 72 ora ny fitondrana, mba hamaha izao olana izao. Namoaka fanambaràna ny Vovonana SOS Vanille any amin'ny faritra SAVA, ny alatsinainy 20 martsa teo, ka mitaky ny fanafoanana ny CNV (Conseil National de la Vanille). Takian'izy ireo ihany koa ny fanafoanana ny resaka fanomezan-dalana (agrément). Tokony havela malalaka ny rehetra, hoy izy ireo, mba hisera sy afaka hanondrana lavanila, raha manara-dalàna. Nampahatsiahy ihany koa ny SOS Vanille, fa mbola manan-kery ny lalàna 97-046 ny 04 novambra 1997, ao amin'ny andininy faha 8, izay manambara fa malalaka ny fihariana lavanila, ka tsy ekena ny famerana ny vidin'ny lavanila. Voakasik'izany ny hividianana azy, na ny hamarotana azy. Aoka ny tolotra sy ny tinady eo amin'ny tsena no mamaritra ny vidiny hoy izy ireo. Takian'ny vovonana SOS Vanille ihany koa, fa any Antalaha, izay renivohitry ny lavanila maneran-tany, no toerana hametrahana ny dinika sy ny fanapahana goavana rehetra momba ity seha-piharina ity.

Marihina fa latsaka ambany dia ambany ny vidin'ny lavanila, izay manodidina eo amin'ny 100000Ar ny lavanila iray kilao masaka, raha toa ka novidiana 2 tapitrisa Ar mahery ny kilao teo aloha.

**Aly**



*Fanangonan-tsonia momba ny resaka lavanila any Antalaha.*

Finoana

# Manomboka ny volan’ny Ramadany ny mpino Silamo

Manomboka ny volan’ny Ramadany anion y mpino silamo manerana ny Nosy, izany dia araka ny fahitan’izy ireo ny volana, haharitra iray volana ny fifehezana ataon’ireo mpino silamo mandritra izay iray volan’ny Ramadany izay. Ho an’ny mpino Bohrà, efa nanomboka omaly alarobia 22 martsa ny fifehezana ho azy ireo, ary haharitra iray volana ihany koa izay fehivava na fifadian-kanina izay. Tokony hanamarika izay fotoan-dehibe izay avokoa ny mpino Silamo eto Madagasikara, toy ny mpino silamo maneran-tany. Anisan’ny fototra iray amin’ny finoan’izy ireo izay fifehezana izay, ka tokony hanatanteraka izany avokoa ny rehetra, ankoatra ny marary, ny tonga fadim-bolana, ireo mandeha mivahiny an-tany lavitra,… Marihina fa amin'ny finoana Silamo, ny volana Ramadany, dia nandefasan'i Allah ny boky masina Coran, izay nampitondraina ny Anjely Gabriel (Djibril), ho an'i Mpaminany Mohamad (SAW). "Manompoa izaho ianareo vahoakako, ary mahaiza mizara amin'ny mahantra", anisan’ny hafatr'i Allah izay miverina imbetsaka ao amin'ny Coran izany. Ny lany hoan'ny mahantra sy ny sahirana dia hitombo maro ho an'ny mpanome. Fotoana anamafisana ny finoana amin’ny alalan’ ny fivavahana koa ny Ramadany ho an’ny mpino Silamo.

**Niaina**